TORITENY visite pastoraly ANDAPA
ny Alahady faha 13 desambra 2015

Rehefa miresaka Noely atsika dia hafaliana no tonga ao antsaintsika voalohany fa indrindra raha mijery an'ireo ankizy isika. Izay koa no antondian'i Jesoa eto amintsika, hitondra hafaliana ho antsika satria lavo tamin'ny fahotana isika ka mikorontana ny fiainantsika ary izay no mbola mitohy. Mahatsapa an'izay ny Ray amandrenintsika ny Papa fa maro ny fahotana nataontsika, ka mila miverina amin'Andriamanitra isika satria ilay hafatra Andriamanitra hoe anjakao izao rehetra izao, dia mifanohitra amin'izay no ataontsika, fanjakanjakana no ataontsika fa tsy fanjakana amin'izao rehetra izao, vokatr'izay lavitra ilay hafaliana nefa rentsika tsara tamin'ny tenin'Andriamanitra novakintsika teo miverimberina lay teny hoe " MIFALIA " ary izay no andrasantsika amin'izao Noely izao ka hiomanantsika amin'ny fotoan'ny Avent izao. Izay hafaliana izay no antenaintsika, antenaintsika Eglizy, antenain'i Papa amin'izao taona masina izao. Izay ihany koa ry Kristianina havana eto amin'ny misionan'ny Andapa no iriko sy hivavahako mafy ho vokatr'izao famangiana pastoraly izao mba hitoetra ao amintsika tokoa ny hafaliana. Hoy indrindra i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa nohenointsika teo : "Ry Kristianina havana mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo", samy te-ho faly aby isika rehetra, Izaho zao efa faly mahita anareo. Inona ny secret zay ? Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo, rehefa tsy ao ny Tompo dia efa tsy hafaliana izay, io no secret indrindra ho anareo zay handray ny konfirmasio, ho antsika rehetra amin'izao taona masina izao.

***Vakiteny I** : Sôf. 3, 14-18e*
***Tononkira** : Sal. 12. 2-3. 4bde. 5-**Vakiteny II** : Fil. 4, 4-7*
***Evanjely** : Lk. 3, 10-18*

Inona moa ny dikany hoe masina ?

Ny masina dia ao amin'Andriamanitra, izay misy an'Andriamanitra no masina. Masina ny taona raha misy an'Andriamanitra io taona io, mifaly isika raha ao amin'Andriamanitra. Zay ny làlan'ny hafaliana ka fantaro fa raha tsy ao amintsika ny Tompo dia tsy ao amintsika ny hafaliana ary dia korontandava ny fiainantsika. Miara-milaza mahita isika fa izay no manakorontana ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, ny zava-boahary.

Ohatra anankiray : Jerenareo fa tsy asan'Andriamanitra na oviana na oviana ny tevy ala satria afo ka lasa may, tsisy tevy ala manome vokany maitso fa fahafatesana ny vokany. Fa mahafaly kely fotsiny raha avy manao tevy ala dia mamboly ka manome vokatra vetivety nefa rehefa avy eo tsy misy raha azo atao intsony, izay ny hafalian'izao tontolo izao.

Ohatra faharoa : ny fisotroana toaka, raha mamo dia sambasambatra izay, mitsikitsiky, nefa izaho mbola tsy naheno ny olona velogno toaka fa matin'ny toaka ihany. Izay ny hafalian'izao tontolo izao mandalo vetivety. Fa ny hafalian'ny Tompo, hafa mihitsy. Averiko ndray ny tevy ala, hafaliana vetivety mahazo vokatra vetivety nefa avy eo fahasahiranana. Hafaliana vetivety no azo amin'ny toaka, mahay teny frantsay aza ny sasany nefa avy eo fahoriana, aretina no azo. Hoy ny Papa tany Afrika raha niresaka momba ny risoriso, ny corruption io manko malaza amintsika aty Afrika, tandremo hoy izy fa karaha siramamy ny corruption, mamy vetivety eo fa raha ataonao mamibe dia manjary diabète ka mahafaty. Ohatrizay koa ny toaka, ny rongony, tsara vetivety eo fa mitondra anao amin'ny fahafatesana.
Henonareo zay ry razandry, anareo izay hanao konfirmasio, **maninona no misy ny taona masina?**
Masina ny taona raha ao amin'ny Tompo isika ary izay no hafaliana hoy Md Paoly, ary izay koa no hafatrafarin'ny bokin'i Sôfônia amin'ny vakiteny voalohany. Ny fanontaniana mipetraka ary nanontanian'olona tamin'i Joany Batista : inona ary no ataonay mba ho eo anivonay ny Tompo? Zay ry Kristianina havana ny secret faharoa : inona ny ataontsika mba hitoetra tokoa ny hafaliana ao amin'ny Tompo fa tsy hafalian'izao tontolo izao izay mitondra fahafatesana fa tsy mitondra fiainana, io no hafaliana tena izy.

Raha ny Evanjely vao novakiantsika teo, misy sokajin'olona maromaro nanontany an'i Joany ka ny hafaliana dia ireto avy : nilaza izy tamin'olona rehetra hoe manaova asa fitiava-namana, manaova fanompoana, izay tokoa ry Krisitanina havana, io no hahafantarana fa miova ny fontsika ary ao amin'ny Tompo izay fontsika izay raha asa fitiava-namana no ataontsika, mifagnatsara fa tsy mifanilikilika, io zay lazain'i Joany Batista raha misy mangataka akanjo aminao, omeo izy. Mahaiza isika mifanompo, zay lay mahatonga aho milaza hoe aoka ho masom-pinoana no maso hijerentsika an'izao rehetra izao, aoka ho tànam-pinoana no ifandraisantsika, aoka ho tongom-pinoana ny hamakivakiantsika ny fianantsika, aoka ho vavam-pinoana no ifandraisantsika amin'ny namantsika ka hiderantsika an'Andriamanitra fa raha vavan'izao tontolo izao dia avonavona, fialonana, fanaratsiana no avoakany. Ka aza gaga isika raha tahaka izao no miseho. Ao amin'Andriamanitra isika ka zary hafaliana ny fiainantsika raha mifanasoa isika, hafatry Joany Batista, hafatra atao amintsika ihany koa.
Ny sokajin'olona manaraka dia ny poblikana na ireo atao hoe mpamory hetra tamin'izay fotoana izay, ireo mpanao risoriso, lazain'i Joany aoka hampanjaka ny rariny, ka izany ary ry Kristianana Havana, ny voalohany moa aoka hampanjaka ny fitiava-namana ary aoka hampanjaka ny rariny ka ho fo sy saina sy finoana an'Andriamanitra no entintsika fa raha ny sain'izao tontolo izao dia fitadiavana sy fangoronan-karena sy rendrarendara no sisa tadiavaintsika. Ny sokajin'olona fahatelo ny miaramila, lazainy ary fa aoka tsy hampanjaka ny hery setra ka izay no lazaintsika hoe ny tànam-pinoana ka aoka hampanjaka ny rariny sy ny

hitsiny. Zay ny Evanjely ka araka ny nilazaiko teo ry Kristianina Havana misy sokajy telo teo : ASA FITIAVA-NAMANA - FAMPANJAKANA NY RARINY SY NY HITSINY ary ny FANALAVIRANA NY HERY SETRA.

KA IRETO KOSA ARY NO EZAKA ATAONTSIKA AMIN'IZAO TAONA MASINA IZAO, ary izay no Lazain'i Papa aoka ho hisy asa mivaingana hanambarantsika an'izay taona masin'ny Famindrampo izay, izany hoe eo anivontsika Andriamanitra, izay ny Noely, raha hifampirary soa isika izany dia tsarovy **ireto ezaka telo ireto izay ho entintsika hamakivaky an'ity taona masina** ity. Masina ny taona raha eo anivontsika Andriamanitra ary raha eo anivontsika Andriamanitra dia feno hafaliana isika.

Voalohany : aoka ny fianakaviana tsirairay Eglizy kely, Eglizy mivavaka, aza gaga isika ry Kristianina havana raha mikorontana ny fianakaviantsika, raha hanjakan'ny demony ny fianakaviantsika satria tsy mivavaka isika. Mety milaza anareo hoe : mivavaka izahay monsenera. Inona no atao hoe mivavaka ? Mivavaka isika raha mametraka an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika, mason'Andriamanitra no hijerevantsika, vavan'Andriamanitra no ampiasantsika hiderantsika azy, sy ny sisa sy ny sisa. Aoka ho fianakaviana mivavaka ary hahazoantsika fahasoavana manokana amin'izao taona masina izao : eo anareo katekista, eo anareo inspektera, eo anareo mompera, isaka Asabotsy sokafy ny Eglizy fiombonana rehetra hivavahan'ny fianakaviana. Aza gaga raha tsy mandroso ny Eglizy fiombonana sasany raha tsy tanterakantsika izany. Mifalia ao amin'ny Tompo hoy Md Paoly, ataovy eo anivon'ny fiainantsika Andriamanitra. Aoka ho andron'ny fianakaviana tokoa ny andro Asabotsy. Tsy mahafoana ny fanokafana ny Eglizy andro Alahady izany, tsy ampy ny Asabotsy fotsiny, tsy ho antsika Katolika izay, mety amin'ny fivavahana hafa fa raha ny Katolika tsy maintsy mivavaka koa ny Alahady. Fa ataontsika ny mba hidiran'Andriamanitra amin'ny fianakaviantsika amin'izao taona masina izao, mba hiditra ao ampontsika Andriamanitra, ataontsika ny vavaka Asabotsy miaraka amin'ny fianakaviana.

Faharoa : mba hanambarantsika fa mamindra fo Andriamanitra satria isika mamindra fo dia araky ny hafatry ny Evanjely : ho lavitra ny fianakaviana anie ny hery setra, mba aoka tsy ho hisy intsony ny hery setra amin'ny fianakaviana katolika eto amin'ny diosezy. Raha maditra ny zaza sontomy ny sofiny fa aza dakana izy, raha miady anareo mivady aza mifamono. Ataovy anaty famelan-keloko. Maro ny hery setra mbola manjaka amin'ny zaza, mbola ampiasaintsika ny zaza, mbola ataontsika an'izao ny zaza. Aoka mba ho lavitra ny hery setra eto amin'ny diosezintsika mba hanjaka tokoa ny rariny araka ny voalazan'ny Evanjely teo.

Mbola ao anatin'ny faharoa ihany, tsy ataontsika hery setra ny zava-boahary. Hetraketraintsika ny ao an-trano, na ny an-tokotany koa mbola hoetraketraintsika amin'ny alalan'ny tevy ala. Aza

potehintsika ny ala, hitantsika amin'izao fa efa 35° ny hafanana, mbola tsy nisy teto Andapa, tsy misy ny orana fa rehefa avy izy dia ranobe, potika aby ny tanimbarintsika tamin'ny farany teo noho ny fiovan'ny toetrandro. Araka ny ambaran'ireo manam-pahaizana ny microclimat, tahaka ny antsika Andapa, tahaka ny Joffre-Ville ao Diégo, miova tanteraka ny toetrandro noho ny fanapotehana ny ala. Ka amin'izao taona masina izao, nataon'Andriamanitra tsara, soa ny alantsika ka aza potehina. Mety hitady anareo, aiza ary ny sakafo hohaninay ? marina izay ary tsy maintsy dinihina, izay no hiezantsika miaraka amin'ny CDD hoe ahoana no hanatsarana an'izay ary tsy miasa irery isika fa eo ireo manam-pahaizana rehetra fa ny anjarako dia mampahatsiahy atsika hoe aza ampiasantsika hery setra ny zava-boahary fa namboarin'Andriamanitra io hahasoa hahatsara atsika, ary nataony mba isika no hanjaka fa tsy hanjakazaka amin'izay zava-boahary izay.

Fahatelo : ny fandraisantsika an-tànana an'izay rehetra izay fa indrindra ny Eglizy, horaisintsika an-tànana ny Eglizintsika amin'ny alalan'ny velontegna ary efa ataonareo rahateo ka anaovako bravo anareo fa kosa aza adino ny fiainana ara-panahy.

Izay ny làlana izorantsika, izay ny toro-làlana pastoraly, mety hanontany tena ianareo hoe mavesabesatra ny voalazanao rehetra teo monsenera. Mety halaim-panahy atsika fa hoy kosa indrindra ny Evanjely, ahoana ny hahavitana an'izany, mampianatra atsika ny Evanjely androany fa i Joany nanao batemy fibebahana fa i Kristy nanao batemy Fanahy masina. Ny Fanahy Masina lay niasa tao amin'i Masina Maria no hiasa amintsika ihany koa, izay no angatahintsika amin'izao konfirmasio izao. Tsarovy ry Kristianina havana, tsarovy ry razandry malala zay handray ny konfirmasio fa arakaraky ny handraisantsika ny Fanahy Masina no hampiova ny fiainantsika. Tsy hoe vita an'izao vita an'izao aho ka samy vita, tsy tanjona izao konfirmasio izao, tsy tanjona izao taona masina izao, tsy tanjona izao famangiana pastoraly izao fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia maniraka anareo aho. Maniraka ny Eglizy ka aoka ary hanaiky hampiasain'ny Fanahy Masina isika, satria matetika isika no mandà an'izay, aoka ny batemin'ny Fanahy Masina no miasa amintsika. Ka raha misy ny faniriana ary atao amintsika mianakavy amin'izao taona masina izao, amin'izao famangiana pastoraly izao, vavaka lehibe ataontsika mianakavy : Enga anie hidinan'ny Fanahy Masina tokoa isika, confirmés isika, hankaherezin'ny Fanahy Masina isika ka ho vavolombelona hizara ny hafaliana amin'ny toerana rehetra misy atsika. Amen